Fanoherana ny tsy ara-dalàna 2
Tsy avela ho very ny ràn'ireo nitolona ho an'ny tanindrazana

Lalaon'ny Nosy 5
Tsy voaloa ny volan'ny ekipa medikaly, mitaky izany izy ireo


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 26 oktobra 2023 Laharana 1488 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Facebook** 3
Hifafa ny kihony ny Malagasy raha sanatria mbola tafaverina eo Rajoelina

Manambohinahitra Tafika sy Zandary 3
## Nilaza ny mety ho mpikambana raha hisy Directoire Militaire



Anosizato, Ampitatafika, Imerintsiatosika 2
## Tsy hisy fifidianana aloha raha tsy mivaly ireo fitakiana




Depiote Masy Goulamaly 2
## Nampibaribary resaka kolikoly amin'ny fifidianana






Raharaham-pirenena 6
## Fitokonambe ny mpiasan'ny fanabeazana hanomboka anio




Rajoelina sy ny forongony 3
Mibolisatra tsikelikely mankany amin'ny hady...

Kolontsaina sy zavakanto 6
Manohy ny mozika i Sylange kilalaky

**Daka kely**
Kely sisa dia tsy ho hita tabilao intsony ialahy isany ry Boaikely a !

ANOSIZATO, AMPITATAFIKA, IMERINTSIATOSIKA

# Tsy hisy fifidianana aloha raha tsy mivaly ireo fitakiana

Niainga teo Anosizato Boriboritany faha-4 Antananarivo Renivohitra, nihazo an'Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano ary nipaka hatrany Imerintsiatosika distrikan'Arivonimamo omaly, ny vondron'ireo kandidà 11 omaly. Diabe am-pilaminana teo Anosizato ka hatrany Ampitatafika no nanombohana izany. Nohamafisin'ireo vondron'ny kandida filoham-pirenena teny Ampitatafika, fa fitokonambe anio manerana an'i Madagasikara. Hanatevina ny hetsika tarihan'ny vondron'ny kandida filoham-pirenena ireo sehatra samihafa toy ny fahasalamana, ny fampianarana, ny sendika samihafa, ny mpianatra, fikambanana sy mpanao pôlitika samihafa, sns… Ankoatry ny eto Antananarivo dia fantatra fa mihetsika ihany koa ny any amin'ny faritra samihafa eto Madagasikara. Hatreto dia tokana ny tanjon'izy ireo, dia ny tsy hanatanterahana ny fifidianana aloha, raha tsy mivaly ireo fitakiana sy fangatahana toy ny fanavaozana ny Hcc, ny Ceni, ny fandravana ny governemanta ifarimbonana izay mitanila ary ny tsy tokony hidiran'ny kandida Andry Rajoelina ho kandida noho izy ninia naka ny zom-pirenena frantsay. Hatreto dia nanamafy izy ireo, fa mivondrona ary tsy mivaky ny vondron'ny kandida filoham-pirenena hatreto. Nohamafisiny ihany koa, fa tsy mijanona ny tolona raha tsy tratra ny tanjona ho fanavotana an'i Madagasikara. Ankoatr'izany, anio dia hanangana saina malagasy atao ambany ho mariky ny fisaonana noho ny



*Ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 omaly.*

loza manjo ny firenena ankehitriny ny vahoaka malagasy. Ho latsaka ankaterena mantsy ny firenena malagasy raha izao zava-mitranga izao. Io no fanamafisana nataon'ny firaisamonim-pirenena manoloana ny zava-mitranga ankehitriny. Anio alakamisy hatramin'ny alatsinainy ho avy izao no hanatanterahana izany eto Madagasikara. Rahampitso zoma kosa dia hisy ny 5 minitra amin'ny mitatao vovonana hanaovana antso vonjy nohon'ny fitiavan-tena ataon'ny mpitondra ankehitriny, ka aseho amin'ny alàlan'ny fampanenoana lakolosy, kiririoka, klaxone , sarombilany, sns… izany. Antso vonjy ho an'ny tanindrazana no tanjona.

***Rajo***

Depiote Masy Goulamaly

# Nampibaribary resaka kolikoly amin'ny fifidianana

Manohana ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 10 ny depiote voafidy tany Tsihombe faritra Androy Masy Goulamaly. Araka ny fanambarana nataony : "mampahafantatra anareo namako, mpiara-miasa, fa indrindra ny Vovonana A.M.M sy ny antoko politika AMM, fa manomboka izao dia miaraka amin'ireo Solombavambahoaka izay mitaky ny tany tandalàna ny tenako, ka manohana koa ny hetsika iarahan'ireo 10 Kandida, ho fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny eto amin'ny Firenena iombonana. Koa andao, AVOTANTSIKA MIARAKA i MADAGASIKARA," hoy izy. Tsy ny olom-boafidy ihany, fa tsy mitsahatra mitombo isan'andro ireo manohana ny





*Trangana kolikoly hitan'ny depiote Masy Goulamaly.*

tolona ataon'ny vondron'ireo kandidà, izy ireo rahateo dia manamafy, fa mitohy ny tolona ho amin'ny hisian'ny fifidianana madio, mangarahara ary eken'ny rehetra, ka soloina ny HCC, sy ny CENI ary ny governemanta ifarimbonana izay samy mitanila avokoa.

**Kolikoly**

Ankoatra izany, nahita trangana kolikoly amin'ny resaka fifidianana ataon'ny mpomba an-dRajoelina ny depiote Masy Goulamaly tany Fort-Dauphin faritra Anôsy. Nilaza izy tamin'ny fanambarana nataony mahakasika izany fa:"tsy ekena ny fandikan-dalàna toy izao, mibaribary loatra ny fanararaotana ny fahantran'ny Malagasy. Raha vao azo ny karapifidianana, dia efa misy ireo manentana ny mba handehanana eny amin'ny QG. Tonga ao dia alaina sary, anontaniana ny mombamoba azy, na ny isan'ny zanany. Avy eo dia omena taratasy kely lavalava, ary ampanantenaina fa io taratasy kely io no entina aty aminay raha vao lany eo ny Candidat, ary omena tosika fameno ianao, na vatsy tsinjo. Tsy azo ekena ny toy izao," hoy izy.

***Niaina***

Fivondronamben'ny firaisamonim-pirenena

# Potika ny firenena, miantso ny kandidà rehetra hifampidinika

Nitafa tamin'ny mpanao gazety afak'omaly ny fivondronamben'ny firaisamonim-pirenena eto amintsika, nambaran'izy ireo tamin'izany fa potika ny firenena, noho izany, miantso ny kandidà rehetra amin'ny fifidianana filohampirenena izy ireo hifampidinika. ***Hiteraka fahantrana ao anatin' ny 5 taona manaraka*** indray, ***raha toa ka tsy misy ny fifampiresahana amin'ireo mpiantsehatra rehetra***, hoy ny fikambanan'ny firaisamonim-pirenena nandritra izany. Mizara roa mazava tsara ny fototry ny olana : mitanila amin'ny kandida iray ny CENI sy ny HCC ary ny governemanta ifarimbonana. Ilaina ny fanavaozana ireo rafitra ireo, ka ao anatin'ny fifampiresahana no hahafahana





*Ireo avy amin'ny fivondronamben'ireo firaisamonim-pirenena nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

mijery vahaolana amin' izany. Miandry ny fahatongavan-tsainan'ny kandidà Andry Rajoelina izay minia mikimpy, tsy mamaly ireo fifampiresahana efa natao ihany koa ireo firaisamonim-pirenana, manoloana izao olana ateraky ny finiavany mizaka ny zom-pirenena frantsay izao. Navoitran' izy ireo koa fa: samy mihizingizina tsy hifanatona hifampiresaka, ka hitady vahaolana ireo mpifaninana hofidiana ho filoham-pirenena sy ireo mpanao politika miaradia aminy avy. Ahiana hiteraka krizy lalina eto amin' ny firenena izany, na hisy fifidianana na tsy hisy, hoy ireo firaisamonim-pirenena. Manoloana izany dia manaitra sy manaika ny olompirenena tsy ankanavaka ireo firaisamonim-pirenena mba hiaraka amin' ny hetsika mba hanerena azy ireo hifampiresaka hikatsaka vahaolana :

-ny fananganana sainampirenena malagasy toy ny misaona anio alakamisy 26 oktobra izao, ka hatramin'ny alatsinainy 30 oktobra

-ny fanovana ireo sary sy seho amin'ireo tambazotra sosialy ho sainam-pirenena malagasy toy ny misaona.

-ny fampanenoana izay azo ampanenoina rehetra : toy ny lakolosy, kiririoka, klaxon, sioka, sarom-bilany, koveta fanasandamba, fitaovam-pianarana sy ny sisa, any amin' izay toerana hisy antsika ny zoma izao amin'ny 12 ora antoandro, izay hahatritra 5 minitra".

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fanoherana ny tsy ara-dalàna

# Tsy avela ho very fahatany ny ràn'ireo nitolona ho an'ny tanindrazana

Fantatra mazava izany izao, fa miezaka mandrava amin'ny fomba rehetra, handravana ny Vondron'ny kandidà ny rafi-pitondrana manohana sy miara-dia amin'i Andry Rajoelina. Misy ny nisintaka sahy niàla, fa adinony ilay fomba fitenenana hoe « aza miàla amin'ny maro », ary « aleo halan'andriana toy izay halam-bahoaka ». Ny fanaovana fampielezan-kevitra, dia tsy misy adihevitra, fa fanekena tsotra izao ny hifaninana amin'i Andry Rajoelina ho afaka hirotsaka ho kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena. I Andry Rajoelina anefa, dia tsy azo ekena marindrano mihitsy ho kandidà amin'izao fifidianana izao satria Frantsay izy, fa tsy Malagasy. Ary ity firenena ity tsy hoentina vazaha frantsay intsony, satria ny firenena frantsay no nanjanaka teto sy nandatsadrà sy namono ny mpiray tanindrazana tia tanindrazana efa ho iray hetsy mahery. Tsy avela ho verivery fahatany amin'izao ny ràn'izy ireo fa misy hasiny izany. Asakasak'izay minia mikimpy, mivarotra ny fanahiny amin'ny mpamadika sy mpivarotra tanindrazana, ary tsy vita ho azy amin'izao anefa izany ataony ankehitriny izany satria masina ny tanindrazana.

Nanagorobaka sy nigoka harembe tsy hita pesimpesenina teto ny Frantsay tao anaty fanjanahantany nandritry ny 64 taona. Mbola nitohy anefa izany fandrobana ny haremben'ny Malagasy izany taorian'ny niverenan'ny fahaleovantena ary mandraka ankehitriny, indrindra tamin'ny nahatonga an'i Andry Rajoelina ho filoha ny taona 2018 hatramin'izao. Tsy hanapaka izany velively i Andry Rajoelina ary tsy ho sahy mihitsy hampiato ny figohan'ny fitondrana frantsay izay tombontsoany rehetra eto hatramin'izay, sy izay mbola hoavy manaraka amin'izao hanaovany letrezana amin'ny fifidianana izao. Noho izay fiarovana ny tombontsoa frantsay izay sy ny azy manokana, sy ny an'ireo mpiara-dia aminy dia milofo mafy amin'ny fomba rehetra na dia maloto sy voretra tanteraka mamohehitra aza izany. Tsy atao hahagaga raha ny fisian'ireny fomba feno herisetra ampanaovina ny mpamoritra vahoaka ireny sy ny fandikan-dalàna samihafa, hatramin'ny Lalampanorenana, handrobana fahefana. Tsy maintsy mandalo sedra ny tolona ho fanoherana ny toy izany. Tsy maintsy mijoro hatrany anefa ny olom-pirenena saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena, satria tsy maintsy averina eto amin'ity firenena ity ny fahamarinana ho fitsinjovana ny hahasoa ny taranaka any aoriana ary masina ny Tanindrazana. Tsy maintsy atao miha-mafy izany mandrapahatonga amin'ny tanjona tratrarina.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andraina R.**

Ny Valosoa sy hadihady

## Rajoelina sy ny forongony

# Mibolisatra tsikelikely mankany amin’ny hady tsy hita nohanoha

Mibolisatra tsikelikely ho any amin’ny hady tsy hita nohanoha ny faharavana sy fialan’aina izao fitondran’ny Repoblika IV-2 izao, izany hoe ny fialan-dry Rajoelina sy ny forongony. Hita sy porofoin’ny hetsika ataon’ny mpitondra sisa tavela, fa arakaraky ny itsipatsipahany dia milentika tsy misy fiafarany raha tsy tonga any amin’ny fahasemporana sy tsy hahafahany miaina intsony, satria tsy avelan’ny Malagasy tia Tanindrazana hisy hirika hivoahany amin’izany intsony. Niaraha-niaina fa vao nanomboka ny fampielezankevitra mialohan’ny fotoana dia nosakantsakanana sy nanaovana antsojay ireo kandidà nanao hetsika, ka na tsy navela niditra tany amin’ny trano nofandrihana nanaovana fanazavan-kevitra na noravana ny fivorioriana nokasaina teny an-dàlambe. Tsy fantatra intsony izay toerana azo nivoriana kanefa ireo ao amin’ny Isika Rehetra Miaraka Adala amin-dRajoelina kosa nahazo nanao izay tiany natao, sy nivory tamin’ny toerana nahafinaritra azy. Tsy vitan’izany fa tsy tambo isaina intsony ny fandikan-dalàna nataon’i Andry Nirina Rajoelina sy ireo mpanara- dia azy. Tsy ny teo anivon’ny rafitra mpanatanteraka ihany no nahitana izany, fa hatramin’ireo rafitra mikirakira ny fanomanana ny fifidianana : Hcc, Ceni ary indrindra indrindra ny rafitra mpanao lalàna. Manampy trotraka izany ny fisambotsamborana olona tsy amin’antony, ka nahatonga ny fahafahambarakan’ny herim-pamoretana tamin’ny fisamborana lehilahy nividy « choux fleur » tetsy Ambohijatovo. Tena nanamafy ny hetsika fanoherana an’i Andry Nirina Rajoelina dia ny naneken’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny maha kandidà azy na dia fatam-poko fatam-pirenena aza, fa efa nanary ny zompirenena malagasy izy nanomboka ny volana novambra 2014, nivoahan’ny Didim-panjakana frantsay momba izany. Ny tsapa sy voaporofo dia hatramin’ity andrimpanjakana mpamoaka « didy tsy azo ivalozana » ity aza dia manitsakitsaka ny lalàna izay izy no arofenitr’izany, ka natolony ny governemanta ny fisoloan-toerana ny filohan’ny Repoblika ary nodiany tsy hita ny fanomezana ny toeran’ny filohan’ny Antenimierandoholona ny jeneraly misotro ronono vao notendrena tao anatin’ny fotoana fohy. Etsy an-kilany koa dia manao ny tsy tokony hataony ny prefektioran’ny tanànan’Antananarivo, ka manao mizana tsindrin’ila eo amin’ny fanomezan-dàlana manao fihe- tsiketsehana, ka rehefa ny Irmar no manao hetsika dia malalaka tsy misy sakantsakana, fa rehefa ny Vondron’ny Kandidà 11 kosa dia alefa amin’ny toerana tsy mifanaraka amin’izay tadiaviny. Tsapa ihany koa fa misy andiana zandary izay tena mibibibiby toetra mihitsy eo amin’ny fanaparitahana ny hetsika ataon’ireo kandidà 11 ireo. Noho ny fahatsapan’ny hery velona isankarazany sy ireo sendika eo anivon’ny sehatra maro samihafa ary ny fiarahamonim-pirenena, fa manjaka loatra ny fanjakana tsy tàndalàna dia miantso ny fikaonandoham-pirenena, ka manamafy ny antso efa nataon’ny Raimandreny arapanahy eo anivon’ny FFKM. Na eo aza ny sakantsakana sy antsojay ataon’i Andry Nirina Rajoelina dia mitombo andro aman’alina ny manohana ny « Hetsika Fotsy » tarihan’ny Vondron’ny Kandidà 11, ka efa mahazo fahatra any amin’ny Faritra maro manerana ny Nosy. Tena nampientana ny Malagasy ny hetsika teny Antsonjomebe ny sabotsy lasa teo na dia tsy ampy andro iray akory aza ny nanomanana ny kianja, kanefa dia azo lazaina fa hipoka tanteraka. Mihevitra ny eo amin’ny fitondrana amin’izao fotoana izao, fa mbola any aminy ny fahefana sy ny hery rehetra kanefa ny hetsika ataony rehetra dia manaporofo, fa mihorohoro tanteraka izy ireo, ka mivaha daholo ny parady rehetra ary izay heveriny ho heriny no mampidaraboka azy. Tsy hisy ny fampielezankevitra ho an’ny Vondron’ny Kandidà 11 raha tsy mizotra ho amin’ny tombotsoampirenena sy ny Malagasy ny fifidianana ary hesorina tsy ho anisan’ny mpifaninana izay kandidà mizaka ny zom-pirenena vahiny, indrindra ny zom-pirenen’ilay firenena nanjanaka ity Firenena ity. Ho betsaka ny hipika sy hipitika amin’ireo mpanohana an-jambany izao fitondrana mivaralila izao.

***Andry Tsiavalona***

MANAMBOHINAHITRA TAFIKA SY ZANDARY

# Nilaza ny mety ho mpikambana raha hisy Directoire Militaire

***MANAMBONINAHITRA AMIN’NY TAFIKA SY ZANDARY MAROMARO NO TAFARESAKA TAMINA MPANAO GAZETY VITSIVITSY OMALY, NIRESAKA MAHAKASIKA NY RAHARAHAM-PIRENENA AMIN’IZAO FOTOANA IZAO, NY OLANA MOMBA NY ZANDARY SY TAFIKA ARY POLISY ARY NY METY HISIAN’NY DIRECTOIRE MILITAIRE. DINIDINIKA:***

**-Mpanao Gazety (MG): Ahoana no fahitanareo izao fankahalan'ny vahoaka ny zandary mavaivay amin'izao vanimpotoana izao?**

**-Manamboninahitra Tafika sy Zandary (MTZ):** rehefa nandinika izahay Zandary dia nahita, fa tsy mety ny fisian'ny SEG io, fa lasa instrumentalisée ny gendarmerie. Ary raha mitohy izao fomba fiasa izao, dia tsy hanome tsiny ny mpanao politika izahay raha hametraka loi na décret ny hanavaozana ny fampiasana forces eto, ka hanao restructuration, hanafoanana ny gendarmerie. Toy izany koa ny Ministère de la sécurité publique io. Tsy ilaina ministère izany. Ny Mininstere de l’Intérieur dia ampy, afaka mampiasa ireo, araka ny lalàna velona. Foanana any ny OMC sy EMMO io, fa sady tsy manara-dalàna no lasa fananan'ny zandary. Any amin'ny firenena maro dia tsy ahitana an'ireo secrétariat sy ministère misahana ny gendarmerie sy ny police io, fa ny eto Madagascar ihany. Ny antony dia tsy fahatokisan-tenan’ny mpitondra, ka sady mividy ankolaka ny Forces de l'ordre no manamora ny famoretana vahoaka. Vokany miakatra ny isan'ny tsy maty manota sy ny mpanao tsolotra avo lenta eto amin'ny firenena.

**-MG: Ahoana kosa hoy ianareo ao amin’ny Tafika?**

**-MTZ:** amin'izao vanim-potoana izao dia manomboka miseho lany ny fimenomenonana ao anivonay ao amin’ny Tafika, noho ny fahatsapan'izy ireo, fa lasa fitaovana izy ireo, manao ny tsy asany, mba hanetsenana ny isan'ny zandary any ambanivolo any. Ny polisy sy zandary mahazo vola (indemnités) miambina karana sy banky, ny Tafika maty manenjika dahalo sy mitety tendrombohitra manao tournée administrative izay asan’ny zandary.

Amin'izao dia mifandrotika ny police sy gendarmerie mba hitantana ny indemnités, ka miezaka mafy mampatahotra ireo karana sy mpanao politique, mamorona tranga, ambana tsy misy, mba hahazoana vola.

Ho anay ao amin’ny Gendarmerie : vokatr’izao fampiasana amin’ny tsy izy ny zandary izao dia: ny samy zandary ihany koa no lasa tsy mifampatoky, misy ny mahazo vola aman’hetsiny, misy ireo réglo tsy mahazo na dia ariary aza. Noho ireo dia manahy izahay ny hisian'ny ady anatiny ny samy force, hita fa mahatsapa izany koa ireo kintana eo anivon'ny forces.

**-MG: inona izany no dikan' ireny rassemblement teny Ampahibe ireny?**

**-MTZ:** milaza izahay hoy izy ireo, fa manana plan B amin' izao toe-draharaha misy izao. Plan B tsy mety teraka, miandry rotaka, fifamonoana, sa ny fitsanganan'ny zandry sahisahy vaovao: nouveau Commandant Charles sy Lylson? Raha ny sary tamin’ny alatsinainy, nandritra ny fanganan-tsaina tao amin’ny MDN: ministeran’ny fiarovam-pirenena, no plan B lazaina, dia Directoire militaire ve izany ilay izy? Directoire miandry validation avy amin'ny Mpamatsy vola ny fitondrana teo aloha, sa avy aminy filoha iza? Tsarovy fa tsy hanaiky izany ireo zandry Capitaine sy Commandant ireo, satria efa hita ny zavatra tsy nety nataon’ny MDN sy SEG teo aloha, dia mbola La 13 ihany ve no hi-influencés ny directive eto? Mitady tombontsoa mandra-pahafaty (statut de chef d'État) ve ireo La 13 ireo? Ny Directoire ry zoky sy zandry isany dia tsy voatery ho ny Anciens na plus haut gradés no membres ao. Efa niseho izany tamin’ny taona 1975, ary azo raisina ho Jurisprudence amin ’izao fotoana izao, ka tsy misy antony mbola hiverenanao manao rassemblement any amin’ny MDN intsony Andriamatoa Richard isany au carré. Aza alokalofana ny zandry, fa olona manampahaizana koa izy ireo. Tahotra ny Tafika ny an'Ingahy zoky retraité iny, satria milaza izy fa "arme d'élite ny zandary, izay fihetsika mifanambany sy mampizarazara, dia lasa milaza ny ankilany hoe: arme de corrompus no marina kokoa, izay anefa no misy, ka mba hahafahany mifehy ny Tafika, izay misy efa nandefa fitarainana teny amin’ny HCC dia mampiasa ny iraikalahy promony izy, araka ilay fovoriana teny Andohalo notarihany. Ry zandry isany: raha Directoire ilay Plan B, dia: miomana isika rehetra hijery ny représentant- ntsika ho membres ao amin’io Directoire io, par région, par génération, mais non pas par groupe de dinosaures : Jereo ny isam-paritra, isaky ny antokon-taona, fa tsy amin’ny vondron’ny dinosaures. "Ho an'ny tanindrazana".

***Ny Valosoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Hifafa ny kihony ny Malagasy raha sanatria mbola tafaverina eo Rajoelina




**Leticia Bemazava :** hifafa ny kihony eky ny Malagasy raha sanatria mbola tafaverina amin’ ny pouvoir eo Rajoelina

**Marthe Rasoazanany :** raha sanatria tafaverina eo Rajoelina, sanatriavina ihany, hitombo avo roa heny ny:
- fanendahana,
- ny vaky trano
- ny halatra voamaso,
- ny kidnapping,
- ny halatra volamena ataony sy ny equipe-ny,
- ny fanjakazakana ataon'ny vahiny,
- ny tahan'ny tsy fanjariana ara-tsakafo,
-ny delestage,
- ny kolikoly,
- ny volamena hivadika vy
- ny tahan'ny tsy fananan'asa,
- ny tsy fahaloavana vatsimpianarana,
- ny tsy fahatomombanana eo amin'ny fanadinana bacc,
- ny ady eo amin'ny Seces sy ny ministère,
- ny fiakaran'ny vidim-piainana,
- ny fahamoran'ny vidin'ny lavanila.

Fadio arak’izany ny hifidy Rajoelina, rehefa tena ho raikitra ny fifidianana.

**Miary Ntsoa Rak :** hihinana ny IEM eto, ny teo aza efa tena tsy zakan’ny maro.

**Layone Stan :** miaraka mihinana ny IEM eto, fa nga ze mifidy azy ihany!

**Miary Ntsoa Rak :** zay mihits lay mahasosotra ny fo efa ory nefa nareo no mifidy anreny d zahay koa no manenganiny @ safidinareo eto.

**Layone Stan :** amiko mila manova zavatra be dia be isika vao miditra am fifidianana zany.

**Marcellin Rabefiraisana :** misy olomarina amin’ireo fa Rajoelina aloha no efa hita fa tsy clé tsony e.

**Rakotomeva Leontine :** AVERIKO NDRAY FA ZAY MPITONDRA HAHAVITA HANARINA NY FIAINAMBAHOAKA NO TADIAVINA NA IZA NA IZA. ZANY MAGRO ZANY NISY TANORA MALAGASY FIRY NO NIASA NIVELONA TAO ?fa amin’izao aiza ze mba ORIN’ASA IASAN’IREO TANORA MAROBE NIVOAKA ENY @ ANJERY MANONTOLO, zà aloha tsy mahita e! fa ny tsapako dia mirona @ ASAMALOTO NY TANORA SASANY: makorelina, fanendahana, kidnapping, halatra kiôska , fandrobana,… Noho izany, tsy azo atao intsony ny mamerina an-dRajoelina sy ny forongony eo amin’ny fitondrana.

TONONKALO

## TSY EKENA NY HISIAN’NY FIFIDIANANA

Tsy ekena ny hisian’ny fifidianana
Raha mbola manjaka ny fividianana,
Satria azo antoka sy inoana
F’izany dia ho fandaniam-potoana.

Tsy ekena ny hisian’ny fifidianana
Raha toa mbola misy ireo lava tanana,
Izay mamafy vola ary koa mividy
Ny tena safidin’ireo mpifidy.

Tsy ekena ny hisian’ny fifidianana
Raha toa mbola entina hanohanana
Ilay andry boboka tsy mijidina,
Izay hitondra loza ho an’ny manodidina !

Tsy ekena ny hisian’ny fifidianana
Raha toa tsy hitondra ho amin’ny fiadanana,
Fa mbola vazaha no hanjakazaka
Sy hihevitra hatrany fa tompondaka !

***IRINA HO TAFITA (24-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonan'ny vondron'ireo kandidà 10 tamin'ireo mpanao politika, sendikà, mpianatra,… tetsy amin'ny Le Pavé Antaninarenina ny talata teo.**










## NY TENY FIAINANA

*"Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy."*
***Matio 17:5***

**LALAON'NY NOSY**

# Tsy voaloa ny volan'ny ekipa medikaly, mitaky izany izy ireo

Fitakiam-bola tsy voaloa tamin'ny Lalaon'ny Nosy natao teto amintsika, mitaky ny azy koa ny ekipa medikaly. Taorianan'ny an'ireo mpitatitra niasa tamin'ny fanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 natao teto amintsika, izay mbola tsy fantatra marina ny tena tohin'ny fitakiam-bola nataon'izy ireo dia miala any indray koa, ny fitakiam-bola ataon'ny ekipa medikaly niantsoroka ny fitsaboana rehetra nilaina nampandehanana ny fanomanana sy fiatrehana an'iny lalao iny 51 andro aty aorianan'ny fahataperan'ny Lalao. Namory mpanao gazety vitsivitsy ry zareo tamin'ny talata 24 oktobra 2023 teo, teo anoloan'ny tranon'ny minisiteran'ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy tetsy Ambohijatovo, ka nanao fanambarana fanairana ny tompon'andraikitra, mba hanefa ny tambin-karama valin-kasasaran'izy ireo. Nambaran'ny solontenany tamin'izany fa fanairana ny tompon'andraikitra ihany aloha io nataon'izy ireo io, fa hiroso amin'ny dingana fitakiana izy ireo raha toa ka tsy misy mihaino. Raha ny marina, hoy ity ekipa medikalin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 ity izay nahitana: Kiné, médecin, urgentiste ary paramed, dia tsy nisy lalao nandeha izany tamin'iny fotoana iny raha tsy nisy ekipa medikaly nanomana sy nanatrika an'ireo atleta ary dia nazava loatra, fa tsy nisy ny fahazoan'i Madagasikara ny laharana voalohany ihany koa. Ankehitriny anefa dia mbola tsy naharay ny volanay izahay 70 mianadahy nefa nisy izahay ny avy any Antsiranana, Toliara, Mahajanga, Toamasina ary nianto-tena tamin'ny « deplacement » tamin'iny lalao iny namonjy taty Antananarivo, hoy ny fanambarany.



*Ekipa medikaly tetsy Andohan'Analakely.*

***Rainilita***

**Coupe de Madagascar U23 Volleyball 2023**

# Any Mahajanga no fotoana amin'ny 28 oktobra

Ho tanterahina ao amin'ny kianja « Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga », hanomboka amin'ny sabotsy 28 oktobra, ka hatramin'ny sabotsy 04 novambra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana volleyball « Coupe de Madagascar de Volleyball 2023 » sokajy U23 zatovolahy sy zatovovavy, ka handraisana ekipa isam-paritry ny volleyball miisa 12 hoan'ny lehilahy ary miisa 9 hoan'ny vehivavy. Ho mpikarakara ny hetsika ny Ligin'ny volleyball any Boeny sy ny FMVB tarihan'ny filoha vaovao, Raharimalala Léa ary ny DTN vaovao, RAOELISON Hasimbola Famonjena. Raha tsiahivina dia ny ekipa zatovolahin'ny Asi «Akany Sambatra Itaosy Analamanga », sy ny ekipa zatovovavin'ny Gnvb « Gendarmerie nationale volleyball Analamanga », no tompondaka farany (2022) eo amin'ity sokajy ity.

***Rainilita***



*Lalao volleyball U23, 2022.*

**UEFA Ligue des Champions 2023-2024**

# Hifarana anio alakamisy ny andro fahatelo

Hifarana anio alakamisy ny andiany farany amin'ny andro fahatelon'ny fifaninanana baolina kitra, « UEFA Ligue des Champions 2023-2024 » raha tamin'ny talata 24 sy omaly alarobia 25 oktobra, no nanatontosana an'ireo andiany roa hafa. Voka-dalao talata 24 oktobra 2023 : Galatasaray 1 – 3 Bayern (G A), Inter 2 – 1 Salzburg (G D). Voka-dalao sy natrehana omaly alarobia 25 oktobra 2023 : Man United 1 – 0 Copenhagen (G A), Sevilla 1 – 2 Arsenal (G B), Lens 1 – 1 Psv (G B), Braga 1 – 2 Real Madrid (G C), Union Berlin 0 – 1 Napoli (G C), Benfica 0 – 1 Reak Sociedad (G D), 23h15- Feyenoord # Lazio (G E), Barcelona # Shakhtar Donetsk (G H). Fandaharan-dalao anio alakamisy 26 oktobra 2023 : 01h30- Celtic # Atlético de Madrid (G E), Psg # Milan (G F), Newcastle # Dortmund, Leipzig # Crvena zavezda, Youg Boys # Man City (G G), Antwerp # Fc Porto (G H).



*UEFA Ligue des Champions 2023-2024.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy ananambo** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Manasitrana aretim-bavony ny thym na dità na ditin



Manasitrana aretim-bavony ny thym na dità na ditin, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Marihina aloha fa tsy mety amin'ny olona bevohoka izy ity fa mahafa-jaza.
Ireto avy no ilaina:
Thym na ditin na dità fehezany 1 ( misy azy eny amin'ny mpivarotra anana rehetra). Na maina na lena mety foana. Rano mangotraka 2 vera
Fanaovana azy:
alona ao anaty rano nangotraka 3 ka hatramin'ny 5 minitra ilay fehezana thym, izany hoe mbola mamay be iny no lomana , avy eo esorina dia sotroina rehefa matimaty. Sotroina miaraka ny rano 2 vera teo. Atao maraina vao mifoha mbola tsy nisakafo ny hisotroana azy Indray mandeha ihany no atao izany, fa tsy fa tsy azo averimberina. Rah any tokony ho izy, indray mandeha ihany dia manasitrana izy io. Azo averina ihany anefa raha sendra miverina marary ny vavony any aoriana.
Tsy mety ho an'ny zaza , ny olona bevohoka ary ny olona mampinono.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Amboditandroho distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Amboditandroho distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Amboditandroho ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny vomanga, ny voankazo toy ny : letchi, ny manga, ny soanambo. Ankoatra ireo mpamboly sy mpiompy, misy mpanjono koa ny mponina any Amboditandroho.



RAHARAHAM-PIRENENA

# Fitokonambe ny mpiasan'ny fanabeazana hanomboka anio

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly tetsy Anosy ny solontenan'ny mpiasa ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena, nambaran'izy ireo tamin'izany fa hanao fitokonambe ny mpiasan'ny fanabeazam-pirenena rehetra hanomboka anio.
Hiroso amin'ny fitokonana faobe ny mpiasa eo amin'ny sehatry ny fanabeazana manerana ny Nosy, hanomboka anio 26 oktobra, araka ny fanambarana nataon'ireo mpitarika sendika nahitana ny avy amin'ny FM2F, na ny Fiombonamben'ny Mpiasan'ny Fanabeazana ho an'ny Fanovana, sy ireo sendika samihafa eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana. Antony dia ho firaisankinan'izy ireo amin'ny Firaisankinan'ny Sendika eto Madagasikara ( SSM), izay nanome fe-potoana 72ora hamahana ny olana politika mihàtra amin'ny firenena, eo ihany koa ny fitakiana anatiny ataony noho ny fahararian'ny sehatry ny fanabeazana, toy ny zavamanjo ny mpampianatra. Nanamafy ireo mpitarika fa ara-dalàna sy anatin'ny zo sendikaly ny fitokonana, ary nandalo ireo antanan-tohatra samihafa izy ireo.



*Ireo avy amin'ny sendikan'ny fanabeazam-pirenena.*

**Niaina**

FIBA 3x3 - Tournoi OPEN Hommes **Asio Telo any e** !

# Ny ekipan'ny Fandrasa 1 no nahery


*Ekipan'ny Fandrasa 1.*

Ny ekipan'ny Fandrasa 1, no nahery tamin'ny fifaninanana basikety 3x3 « Tournoi OPEN Hommes **Asio Telo any e** ! », nifarana tetsy amin'ny « parking Palais des Sports Mahamasina », tamin'ny talata 24 oktobra 2023 teo. Vokatra farany Finale : FANDRASA 1: 21 - 09 TEAM USA 3ème place : SONS OF GOD 19 - 18 ASMG Demi-finale : FANDRASA 1: 17 # 15 SONS OF GOD, TEAM USA 21 # 14 ASMG. Filaharana ankapobeny sy « prime » azo : 1°- FANDRASA 1: 400.000 Ar + Ballon 3x3 2°-TEAM USA : 300.000 Ar + Ballon 3x3 3°-SONS OF GOD : 200.000 Ar + Ballon 3x3.

**Rainilita**

Championnats Nationaux basket N1A, 2023

# Tontosa omaly alarobia ny andro faha-6 sokajy vehivavy

Tontosa omaly alarobia 25 oktobra 2023, ny andro faha-6 amin'ny fifaninanana basikety « Championnats Nationaux de basket N1A, 2023 » sokajy vehivavy, izay nahazoana ny vokatra : Tamifa Amoron'i Mania 47 - 75 Gnbc Analamanga, Sesera Vakinankaratra 48 – 55 Ankaratra Vakinankaratra, Mb2All Analamanga 73 – 44 Phoenix Vakinankaratra, Fandrasa Matsiatra Ambony 65 – 62 Ascut Atsinanana. Tamin'ny talata 24 oktobra 2023 lasa teo kosa no tontosa ny andro faha-5 hoan'ny sokajy lehilahy. Vokatra azo tamin'ny talata 24 oktobra 2023 : Bcb Boeny 48 – 79 Cospn Analamanga, Gnbc Analamanga 76 – 47 Mbc Atsinanana, Ascut Atsinanana 74 – 69 Sbc Vakinankaratra, Fanalamanga Alaotra Mangoro 62 – 74 Tgbc Betsiboka. Filharana ankapobeny sokajy lehilahy taorianan'io andro faha-5 io : 1°-Ascut Atsinanana manana isa 10 (+127), 2°-Cospn Analamanga isa 9 (+115), 3°-Gnbc Analamanga isa 9 (+113), 4°-Tgbc Betsiboka isa 8 (-37), 5°-Sbc Vakinankaratra isa 6 (-30), 6°-Mbc Atsinanana isa 6 (-77), 7°-Bcb Boeny isa 6 (-79), 8°-Fanalamanga Alaotra Mangoro isa 6 (-104).


*Championnats Nationaux de basket N1A, 2023.*

**Rainilita**

Kolontsaina sy zavakanto

# Manohy ny mozika i Sylange kilalaky

Sylange Kilalaky, na Raharimalala Laurence Sylvie, no tena anaran'ny tovovavy. Fantatry ny maro amin'ny maha andriambavilanitra nisantatra ny fiangaliana ny fihirana sy ny fandihizana ny Kilalaky, mampiavaka ny faritra Menabe, izay niaviany. Manana fanomezam-pahasoavana amin'ny famoronana hira sy ny fanentanana an-tsehatra anatin'ny rindran-kira ihany koa izy.
Ankoatry ny fanandratana avo hatrany ny kilalaky nentim-paharazana avy any Morondava, manan-talenta sy havanana tanteraka amin'ny fiangaliana ny mozika mafana « Tropikaly » ihany koa ny tarika « Sylange kilalaky ». Azo ambara, araka izany, fa manavia manavanana amin'ny endrika marolafin'ny fanafanana lanonana ny tarika. Mirakitra hafatra mafonja ary sahaza ny isam-batan'olona tsy ankanavaka ny tononkirako, hoy Raharimalala Laurence Sylvie. Anisan'ny voiziny mandrakariva ny tokony hananana toe-tsaina vonona hihoitra mandrakariva amin'ny fiainana ary tsy ho resin'ireo fanakiviana sy ny fanaratsiana.
Nanamafy hatrany i Raharimalala Laurence Sylvie, fa manohy hatrany ny fikirakirana ny mozika ny tarika. Azo ambara ho fanamafisana izany rahateo ny namoahan'izy ireo vao tsy ela akory ny vazo : « Mbo Zaho avao moa toy », izay narindra amin'ny gadona kilalaky mangotraka ary efa maro mpankafy tokoa.

**Lalasoa Razafindrakoto**


*Sylange Kilalaky, azo ambara ho mpanakanto feno.*

Journée mondiale de Judo 2023

# Etsy Ankorondrano amin'ny sabotsy izao

Ho marihana eo ambany fiahian'ny FMJ « Fédération Malagasy de Judo » amin'ny sabotsy 28 oktobra 2023 izao, ao amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano Antananarivo, ny « journée mondiale du Judo 2023 ». Fandaharam-potoana : 09 h à 12 h : 'regroupement des ceintures noires, vétérans et anciens. Entraînement d'ensemble, Kata, soft randori et Mondo', 14 h à 16 h : 'regroupement sportif des Cadets à Seniors. Warm UP on Kata, Randori , #HIIT ( High Intensity Interval Training )'. Aza adinoina ny mitondra namana: Judokas fahiny efa ela no tsy niakatra Tatamis » na « futur judoka, hoy ireo mpikarakara.

**Rainilita**

**Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65**

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 21/10/2023 hatramin'ny 28/10/2023**

- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1488-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)


# Fanabeazana no lalana fanoitra hanarenam-pirenena

Mifampiankina be dia be amin'ny fanabeazana ny fifampitondrana eo anivon'ny fiaraha-monina. Ao anatin'izany ny fomba fisainana amampiheveran'ny isam-batan'olona. Anisan'ny fanabeazana nomena ny mpiray tanindrazana fahiny ny amin'ny hoe "Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana". Mifampitsimbina amin'izany ny mpiara-monina, ka nahery vaika ny firaisankina sy ny fihavanana. Niavaka tamin'ny fihatsaràny ny fiarahamonina tamin'izany fotoana izany. Mihavery hasina anefa izany fanabeazana izany amin'izao fotoana izao, fa lasa ny fitiavam-bola no mahazo vahana. Ny vola lasa mibaiko ny saina, ka lasa minia mikimpy anoloan'ny fahamarinana sy ny rariny sy hitsiny. Vao mainka miha- mitoetra tokoa sy marina ilay fitenenana hoe "ny alika jamban'ny taolana, fa ny olona jamban'ny vola". Hany ka na hivarotana fanahy aza dia hirosoana ihany, eny na hahapotika ny firenena aza ka hahakizo fara ny taranaka any aoriana. "Any amparany any, ny olona ho tia tena, ho tia vola", hoy ny ao anaty Baiboly, ary dia manamarina ny hita eto amin'ny firenena ankehitriny tokoa izany. Ny vola anefa no fototry ny ratsy rehetra. Izay ratsy mitranga amin'izao fotoana izao dia noho ny resaka vola avokoa. Hany ka lasa mikorosy fahana hatrany ny firenena, fa tsy miainga mba hisandratra mihitsy.

Tsy avela ho potika toy izany ny firenena, ary tsy maintsy atao ny vahaolana amin'ny fanarenana ny toe-tsaina mirefarefa. Ny fanomezan-danja ny fanabeazana sy ireo mpisehatra rehetra ao anatin'izany ihany no hany lalana amin' izany. Efa manomboka asa amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ary miandry ny olom-pirenena vonona handray andraikitra sy sahy hijoro hiara-hientana aminy amin' izany adidy lehibe izany. Fifandraisana : 034 17 460 53.

***Aris***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miaraka A.**

### Asa sy fianarana any ivelany

# Tontosa teny amin'ny UCM ny Journée des Métiers et des Etudes à l'international

Tontosa omaly tontolon'ny andro teny amin'ny UCM : Université Catholique de Madagascar, teny Ambatoroka omaly ny hetsika momba ny resaka asa sy fianarana any ivelany, na ny Journée des Métiers et des Etudes à l'international. Efa 7 taona nisesy no nikarakaran'ny Alliance Française Antananarivo, sy ny Telma ny hetsika momba ny asa isan-karazany na Carrefour de la Formation, des Metiers et de l'Emploi. Niova ho hetsika mahakasika ny asa sy ny fianarana any ivelany indray, no natao tamin'ity taona ity, ho fanomezana torolalana amin'ny fianarana any ivelany, sy ny fidirana amin'ny tsenan'ny asa isan-karazany ihany koa ho an'ny tanora.

***Aly***




*Ny UCM eny Ambatoroka.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 448**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0447)

***Mitsivalana***
- Mahasaky
- Fefy (miv)
- Janoary
- Ako (miv) – Anio (miv)
- Tataka
- RM – Nay
- Ovaina

***Mitsangana***
- Mijotso
- Afaka
- Henatra
- Afo – Amy
- (L)aok(a)
- Aoriana
- In
- Fy (miv) – Avia

## TENY MIFANARAKA N° 448




**Mitsivalana**

**1.** Manambara – Reraka **2.** Taranaka, fiaviana fahiny (miv) – Aro orana (miv) **3.** Ao amin'ny filazantsara – Atsipazo lavitra **4.** Voavonjy **5.** Asianao, iangavianao mandeha **6.** Fifanarahana – Tanàna (miv) **7.** Aviavy – Tovona – Mampisafidy **8.** Anelanelan'ny fito – Tsotra **9.** Gaga sy talanjona **10.** Tsy tsaroana – Tsy takatra

**Mitsangana**

**A.** Manao fitaka **B.** Ampela (miv) – Sahala (miv) **D.** Fenoina loto – Isa Romana **E.** Zava-maniry tsy misy mpiahy – Tsirinteny Mpanao **F.** Minitra sy segondra – Betsaka **G.** Toerana – Fisalasalana **H.** Fiandohan'ny làlana – Naoty (miv) – Aro moka (miv) **I.** Fanasanareo (miv) **J.** Toeram-pandevenana (miv) **K.** Daholo

## Valiny Teny mifanaraka 0447

**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka **2.** Toa (miv) - Zotra **3.** Ntaolo - (L)aok(a) **4.** Divay - Vovo **5.** (B)ok(y) - Lova - An **6.** Sa - Akoho **7.** Amalona **8.** Tena - Voina (miv) **9.** Inona - Ka **10.** Avoaka - Lay

**Mitsangana**

**A** Mandositra **B.** Potika **D.** Vata (miv) - Anio **E.** Anamalao (miv) **F.** Lioka - OK **G.** Azo - Volana **H.** Ko - Vahona **I.** Atao - Ony **J.** Rova - aoka **K.** Takona - Vay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

**Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà teny Anosizato, Ampitatafika Atsimondrano, omaly.**













**Tohin'ny tolona nataon'ny vondron'ireo kandidà tany Imerintsiatosika faritr'Itasy omaly.**



